

« Examinez-vous vous-même »  
Thème : « Qui est Jésus-Christ d'après la Bible ? »

**« Diniho ny tenanareo na  
mitoetra amin'ny finoana  
ianareo na tsia ; izahao  
toetra ny tenanareo »  
2 Korintiana 13.5**

**Lohahevitra :**

**IZA MOA I JESOA KRISTY ARAKA NY  
ANAMBARAN'NY BAIBOLY AZY ?**

## **IZA I JESOA KRISTY ...**

### **Moa olona ve Izy ?**

1. Ahoana no iantsoana an'i Jesoa ao amin'ny 1 Timoty 2.5 ?  
.....
2. Naka ny endrik'iza Izy raha tety an-tany ? (Filipiana 2.8)  
.....
3. Ahoana no iantsoana ny fietren-tena toy izany ? (Filipiana 2.7)  
.....
4. Moa mitovy amin'ny anjely ve i Jesoa, raha ny maha olona Azy no jerena ? (Hebreo 2.7)  
.....

5. Moa lehibe noho ny Rainy ve i Jesoa, raha ny maha olona Azy no jerena ? (Jaona 14.28)  
.....

6. Ahoana no niantsoan'i Jesoa an'Andriamanitra, amin'ny maha olona Azy ? (Jaona 20.17)  
.....

7. Iza io lehilahy iray izay hitsaran'Andriamanitra an'izao tontolo izao io ? (Asa 17.31)  
.....

### **Moa anjely ve Izy ?**

8. Moa afaka miseho amin'ny olona amin'ny endrika anjely ve Andriamanitra - izay tsy anjely velively – (Mpitsara 6.11-14 ; Genesisy 48.15-16 ; Eksodosy 3.2-6), na amin'ny endrika olombelona ? (Genesisy 18.1-5, 9-14, 32 ; 19.1).  
.....

9. Iza io olona tondroin'ny Daniela 10 io (and.5 sy 6), izay hafa amin'ny Arkanjely Mikaela ? (and.12, 13 ary 21).  
.....

10. Moa misy andinin-tSoratra Masina ve izay milaza fa iray ihany i Jesoa sy i Mikaela ? Raha eny dia lazao hoe aiza no misy izany andininy izany .  
.....

11. Moa anjely ve no nilazan'Andriamanitra hoe « Zanako Ianao » ao amin'ny Hebreo 1.5 ?  
.....

12. Moa misy anjely avelan'Andriamanitra hipetraka eo an-kavanany ao amin'ny voninahiny ve ?  
.....

13. Moa anjely iray, na maromaro, ve no nanankinan'Andriamanitra ny fiainana ho avy ? (Hebreo 2.5). Iza no nanankinany izany ?  
.....

14. Tamin'ny alalan'iza no nahariana ny anjely rehetra ? (Kolosiana 1.16)  
.....

15. Moa manaiky ny homen'olombelona voninahitra ve ny anjely ? (izany hoe ny hiankohofana : teny iray ihany no ilazana an'ireo amin'ny teny grika) (Apokalypsy 22.8-9)  
.....

16. Moa nanaiky ny fanomezam-boninahitra nataon'ny olona taminy ve i Jesoa (nanaiky ny hiankohofana) ? (Matio 14.33 ; 28.9 ; Lioka 24.52, ...)  
.....

### **Andriamanitra ve Izy ?**

17. Andriamanitra no antsoiana hoe «Ilay Voalohany sy Farany » (Isaia 44.6), iza no misalotra izany anarana iantsoana an'Andriamanitra izany ao amin'ny Apokalypsy 1.17-18 ?  
.....

18. Andriamanitra no « Alfa sy Omega », Izy no « Fiandohana sy Fiafarana » (Apokalypsy 1.8 ; 21.6). Iza ihany koa no mitafy izany anarana izany ao amin'ny Apokalypsy 22.13 (ampitahao amin'ny and.16 sy 20) ?  
.....

19. I Jehovah no Mpahary, araka ny ambaran'ny Salamo 102.25-26 (Isaia 44.24). Iza kosa no Mpahary ambaran'ny Hebreo 1.10 ? (jereo ny and.8)  
.....

20. I Jehovah no tondroina amin'ny hoe « Fahagola » ao amin'ny Daniela 7.9-10. Iza io « Zanak'olona » ambaran'ny Apokalypsy 1.13-16 izay mitafy ny toetr'ilay Fahagola io ?

21. Antsoina hoe « Andriamanitra mahery » i Jehovah ao amin'ny Isaia 10.21, iza ihany koa no antsoina hoe « Andriamanitra mahery » ao amin'ny toko mialoha an'io ? (9.6)

22. Raha tsy misy « Andriamanitra hafa » (ary tsy hisy hafa) voaforona fa i Jehovah, dia Izy irery ihany, no Izy, nahoana no lazaina fa : « ny Teny dia tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra » ? (Jaona 1.1)

23. Naniraka mpaminany hiteny tamin'ny vahoaka i Jehovah (Jeremia 35.15), fa iza kosa indray no maniraka azy ireny araka ny Matio 23.34) ?

24. I Jaona mpanao Batisa no hialoha ka hamboatra ny lalan'i Jehovah (Malakia 3.1 ; Lioka 1.76), ny lalan'iza anefa no namboariny, iza no nialohavany ? (Jaona 3.28 ; Marka 1.1-3, 9)

25. Mahita ny voninahitr'Andriamanitra i Isaia ao amin'ny toko faha-6 amin'ny bokiny (and.5). Ny voninahitr'iza anefa io hitany io raha araka ny Jaona 12.41 ? (ampitahao amin'ny and.36 sy 42)

26. I Jehovah no hany Mpamonjy (Isaia 43.11). Iza kosa no Mpamonjy resahin'ny Jaona 4.42 sy ny 2 Timoty 1.10 ?

27. I Jehovah irery ihany no mpandinika ny fo sy ny voa (Jeremia 17.10), iza ihany koa no mahefa izany ? (Apokalypsy 2.23)

28. Milaza i Jehovah ao amin'ny Zakaria 11.12-13 fa notombanan'ny vahoakany sekely volafotsy telopolo Izy (vidin'andevon'ny anankiray izany : Eksodosy 21.32). Iza anefa no namidy tamin'ny vola telopolo, araka ny faminanian'i Zakaria, ao amin'ny Matio 26.15 sy 27.3-10 ?

29. Moa misy zavatra manokana ananan'Andriamanitra ka tsy an'i Jesoa ve ? (Jaona 16.15 sy 17.10)

30. Moa misy zavatra hain'Andriamanitra kanefa tsy vitan'i Jesoa ve ? (Jaona 5.19)

31. Moa nisy zavatra ary ve raha tsy teo i Jesoa Kristy ? (Jaona 1.3)

32. Andriamanitra izy tenany no ho avy hampihatra ny fitsaràny ety ambonin'ny tany (Isaia 35.4). Ny Apokalypsy 19.11-16 kosa maneho amintsika an'Ilay Iray ho avy hanatanteraka izany : iza io ? (ampitahao amin'ny Joda 14, 15)

33. Tsy maintsy hampamoahina eo anatrehan'Andriamanitra ny olona rehetra aorian'ny fahafatesany (Hebreo 9.27, Romana 14.12), fa iza kosa no hany tokana afaka ny hitsara azy ? (Jaona 5.22)

34. I Jehovah no « Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo » (1 Timoty 6.15), iza anefa no tena Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo » ? (Apokalypsy 19.16)

35. Nahoana Andriamanitra no mibaiko ny anjely hanome voninahitra ny Tompo Jesoa (= hiankohoka aminy) (Hebreo 1.6), kanefa tsy misy na iza na iza mendrika ny homem-boninahitra (= hiankohofana) afa-tsy Andriamanitra irery ihany ? (Apokalypsy 19.10)

36. Raha tsy tian'Andriamanitra homena olon-kafa ankoatra Azy ny voninahiny (Isaia 42.8, 48.11). Nahoana no ekeny ny hanomezam-boninahitra ny Zanaka tahaka ny hanomezam-boninahitra Azy ? (Jaona 5.23)

37. Andriamanitra irery ihany no mendrika handray ny « voninahitra sy haja ary hery » (Apokalypsy 4.11), iza ihany koa anefa no voalaza fa mendrika ny handray izany ? (Apokalypsy 5.12)

38. Nahoana ireo Jiosy no nitady izay hahafaty an'i Jesoa ? (Jaona 5.18).

39. Ahoana no niantsoan'i Tomasy ny Tompo Jesoa ao amin'ny Jaona 20.28 ?

40. Fehiny : Mampianatra antsika ny Baiboly fa i Jesoa Kristy dia :

Olona ?	Eny	Tsia
Anjely ?	Eny	Tsia
Andriamanitra ?	Eny	Tsia

Ho famenon'ity fanadihadiana natao teto ity dia vakio ihany koa ireto andininy manaraka ireto : Jaona 1.1 ; Romana 9.5 ; Kolosiana 2.9 ; 1 Jaona 5.11-13, 20 ; 2 Jaona 9-11.